# TATITRA
# FAMETRAHANA
# NY MIRALENTA ENY AMIN'NY VONDROM-BAHOAKA IFOTONY DINGANA:
# (5-7-8-9)
# COMMUNE RURALE
# AMBOHIMIRARY.

**Biraon'ny Kaominina Ambohimirary**

**MADAGASIKARA**

**NY**

**01-02-03-04 FEBROARY 2012**



**Figure 1: Atelier stage 5-7-8 et bonnes pratiques Ambohimirary**

## FIZAHAN-TAKILA

FANOLORANA......................................................................................................................3

TANTARA ............................................................................................................................ 4

FIZOTRY NY ATRIKASA ....................................................................................................... .5

FAHAIZA-MAMPITA VAOVAO ILAIN'NY VEHIVAVY MPITARIKA :LOHAHEVITRA FAHA SIVY .

AMPIASAO NY TEKNOLOJIA FA HANAMPY ANAO

NY MIRALENTA SY NY TETIBOLA MISY AO AMIN'NY KAOMININA

NY MIRALENTA SY NY FAMPANDROSOANA ARA-TOEKARENA IFOTONY.

MIRALENTA SY NY FIOVAOVAN'NY TOTR'ANDRO ARY NY FAMPANDROSOANA .

NY VEHIVAVY SY NY MIRALENTA AMIN'NY FANDRAVONANA NY ADY SY NY DISADISA ANTOKY NY FAMPANDROSOANA .

Fanomezan-danja ny asa hikarakarana ny marary eo amin'ny fitondrana ifotony (VIH SIDA)

## TOVANA

TOVANA A - FANDAHARAMPOTOANA ..........................................................................................14

TOVANA B - LISITRY NY MPANDRAY ANJARA ..........................................................................16

TOVANA D - DRAFITRASAN'NY KAOMININA AMBOHIMIRARY ...............................................19

TOVANA E - TOMBANA .............................................................................................................25

**FANOLORANA**

Ity atrik'asa ity dia notontosaina tao amin'ny Kaominina Ambohimirary ny 01 ka hatramin'ny 04 Febroary 2012 tao amin'ny biraon'ny Kaominina.atrikasa andiany farany "Stage 5-7-8".
Tonga nanatrika ny atrikasa ny ben'ny tanàna, mpanolo-tsaina iray, ny adjoint au maire niaraka tamin'ny chef Fokontany sy olon-tsotra mpamboly.
Ben'ny tanàna no nanokatra tamin'ny fomba ofisialy ny fiofanana. Ny mpampiofana no nanazava sy nanolotra ny fandaharam-potoana rehetra:

- Fametrahana ny tanjon'ny Fiofanana
- Fanazavana ny fifaninana antampony « Sommet »
- Fahaiza mampita vaovao ilain'ny vehivavy mpitarika
- Ampiasao ny teknolojia fa hanampy anao
- Miralenta sy ny teti-bolan'ny Kaominina
- Miralenta sy ny fampandrosoana ara-toe-karena
- Ny vehivavy sy ny fiovaovan'ny toetr'andro "Changement Climatique"
- Fitantanana ny disadisa
- VIH-SIDA
- Fanovonana ny drafitr'asa sy famoahana azy amin'ny fomba ofisialy
- fanangonana ny "bonne pratique"
- Famenoana ny Evaluation.

**TANTARA**

Tamin'ny taona 2003 no nanaovan'ny GENDER LINKS fanadihadiana feno momba ny fiantraikan'ny fandraisan'ny vehivavy anjara amin'ny politika tao amin'ny FAA (Fifanarahan'ny Faritra Atsomon'i Afrika). Anisan'ny zava-dehibe tsapa tao amin'ny "Ringing up the Changes, Gender in Politics in Southern Africa" na "Famohazana amin'ny torimaso ka hirosoana amin'ny fanovana sy amin'ny Miralenta eo amin'ny sehatra politika ao amin'ny faritra FAA" fa ny fitondrana ifotony dia sehatra iray izay mampalahelo fa nohamaivanina tao amin'ireo lahateny aman-tsoratra mikasika ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony. Vokatr'izany, nanao fikarohana mamaky lay ny GENDER LINKS tamin'ny taona 2006/2007 tao amin'ny Coalface: Gender and local government, (sur le terrain: Genre et collectivité locale na eny an-tsehatra: Miralenta sy Fitondrana ifotony) tany Afrika, Lesotho, Maurice ary Namibie.

Hita tamin'io fanadihadiana io fa vitsy ny fampiharana natao mba hametrahana ny foto-kevitry ny Miralenta amin'ny drafitra fampandrosoana rehetra eo anivon'ny fitondrana. Vitsy koa ny fanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpanolo-tsain'ny Kaominina hahay hitarika asa. Nanomboka tamin'izay dia nitarina tamin'ny firenena sivy hafa ny fanadihadihana. Eo amin'ny fomba fiasa indray: raha vao vita ny tatitra an-tsoratra momba ny fikarohana natao dia nanao fampiofanana momba ny fampahafantarana sy ny paika any amin'ireo firenena tsirairay avy ireo miaraka amin'ireo mpiara-miombonantoka sy ny mpiara-miasa fototra ny GENDER LINKS.

Ny tsara indrindra aza dia miaraka amin'ireo fikambanana miankina amin'ny Fanjakana ifotony ao amin'io firenena io no hanoritana ny lalàna hanatanterahana ny paika sy hanaovana ny atrikasa momba ny drafitrasan'ny Herisetra sy ny Miralenta ao amin'ny faritany, faritra ary distrika. Izany dia natao mba hanamarinana fa manana drafitrasa momba ny Miralenta daholo ny Kaominina rehetra. Tamin'ny volana Marsa 2010 dia nanao ny Fivoriana an-tampony voalohany momba ny fampanjakana ny rariny eo amin'ny Miralenta sy ny fitondrana ifotony ary ny fanambiny ny GENDER LINKS mba hanangonana ny porofon'ireo fanapahan-kevitra arahina asa noraisin'ny fitondram-panjakana sy ny olon-tsotra hampitomboana ny fahefana ananan'ny vehivavy sy hampitsaharana ny Herisetra. Mbola nisy koa io fivoriana an-tampony io tamin'ny volana Marsa 2011 ary amin'ity taona ity izany hoe taona 2012 dia ny volana Aprily no anaovana azy.

**Fizotry ny atrikasa**

Ny fiofanana dia niantomboka tamin'ny 09 ora maraina
Nanokatra ny fotoana ny Ben'ny Tanana ny CR Ambohimirary miaraka amin'ireo Mpampiofana roa.
-RAKOTONDRASOA François Victor (avy amin'ny AESG)
-RAKOTOMANOELINA Rivo (avy amin'ny SAHA)

**Natao ny fanazavana ny fifaninanana lehibe nasionaly sy aty amin'ny faritra Atsimon'Iafrika**

Tsy ny mpiatrika ny atrik'asa ihany no nahazo tombontsoa tamin'ny fanazana ny fifaninanana andiany faha telo fa teo koa ireo mpiaramiobon'antoka, fikambanana maro samihafa ary koa olon-tsotra. Betsaka ny vonona hilatsaka ho mpifaninana taorian'io fampafantarana io. Taorian'io dia nisy ny fizarana ireo antontan-taratasy ahafahana mirotsaka ho mpifaninana.

**Fampiasana sy fampiharana**

Natomboka tamin'ny miralenta sy ny fampandrosoana ny atrikasa rehefa vita ny fanazana ny fifaninanana. Fanontaniana ny hevitr'olona manokana no nitondrana ny fandaharana. Notohizana tamin'ny asa isam-baomiera mba ahafantarana marina ny olana misy eny amin'ny kaominina tsirairay avy momba ny miralenta sy ny fampadrosoana eny ifotony. Taorian'io dia niditra avy hatrany tamin'ireo lohahevitra izay voasoritra ao anatin'ny fandaharana mandritry ny fiofanana .

LOHAHEVITRA 9

FAHAIZA MAMPITA VAOVAO ILAIN'NY VEHIVAVY MPITARIKA

- Tanjona:

-Fifehezana tsara ny vaovao tiana hampitaina
-Filazalazana ireo anjara asa voasokajy ho an'ny L sy ny V eo anivon'ny fiaraha-monina sy fanehoana izany amin'ny fitaovan-tserasera
-Fifanakalozan-kevitra mikasika ny fanehoana ny vehivavy manao politika any amin'ireo fitaovan-tserasera.
-Fijerena ireo paik'ady ahafahana miserasera amin'ireo fitaovam-pampitam-baovao.
- Fitadiavana fomba fanentanana sy fanapariahan-kevitra ary ady hevitra momba ny miralenta.

Natao asam-baomiera ka ny vaomiera voalohany no niandraikitra momba ny fifandraisana,tamin'izany no nanehoany ny karazam-pifandraisana misy,ny paik'ady, nanavahany ny lafitsara sy lafiratsin' ireo fifandraisana misy,ary ny fifehezana tsara ny vaovao tiana hampitaina,ary farany ny famintinana ao amin'ny Pejy 152-153-157.

- Fifehezana tsara ny vaovao tiana ampitaina: tokony ho mirindra, manintona, mahaliana, misy ventiny, marina, misongadina, medrika.
- Ireo karazam_pifandraisana: Radio,koka,taratasy,finday,resaka,takela-by,fivoriana am-balamena,CD,TV,Gazety,Mailaka,Boky,site web.
- PAIKADY

-Fanentanana ny rehetra hahay mihaino sy mampita mba ho liam-baovao
-Fampitana amin'ny alalan'ny sora-baventy
-Fanatsarana ny fitaovana ampiasaina amin'ny andro tsena (aseho amin'ny alalan'ny sary)
-Fijerena ny andro mampalalaka ny olona
-Fanehoana an-gazety
-fampiomanana mialoha
-Fahaizana misafidy ny fitaovana ampiasaina

- LAFITSARA SY LAFIRATSINY

| LAFITSARA | LAFIRATSY |
|---|---|
| Hira-Tononkalo-Dihy-Tantara-Vakodrazana:mora raisina,mahaliana,mora tadidy | Mora adino,mety ho hamaivanina |
| Radio: mora malaza,manerana | Tsy fahazarana mihaino |
| Koka: Aingana,mivantana | Vitsy mpaheno |
| Taratasy: voatahiry | Tara,maty andalana |
| Finday : aingana : eo no eo,fahafahana manazava | Tsy voatahiry ny feo |
| Resaka:Mahomby kokoa,mivantana eo no eo ny valin-dresaka | Tsy mari-pototra,Mampiasa olona betsaka |
| Fivoriana ambalamena: alalam-baovao,marim-pototra,azo iadin-kevitra | Vitsy mpihaino |
| Takelaby:maharitra,marim-pototra | Vitsy mpamaky,misy manimba. |

- FAMINTINANA

Ny fitaovan-tserasera dia ireo fantsona izay iampitan'ny serasera

- **LOHAHEVITRA 8: AMPIASAO NY TEKNOLOJIA FA HANAMPY ANAO**

**Tanjona:**

**-hampahafantarana ny mpiofana ny atao hoe "internet"**

**-Fisian'ny fomba hafa azo anaovana fifanakalozan-kevitra amin'ny alalan'ny Internet**

**-Fanokafana « Compte internet»**

Ny vaomiera faharoa no nisahana ny momba ny "Internet" ka tamin'izany indrindra no nanazavana ny dingana rehetra hanokafana sy idirana amin'io tranokalampifandraisana io.
Avy eo dia samy niezaka namantatra ny fomba atao rehefa manokatra adiresy E-mail.
Marihina fa tsy nisy ny reseau sy ny fitaovana , koa fampahalalana no natao .
Tsy azo notanterahina ihany koa ny mamonjy toerana misy fitaovana noho ny resaka ara-bola sy ny fahalaviran'ny toerana.
Ireo izay nahafeno ny atontan-taratasy mazava takian'ny fifaninana nasionaly no nohezahana hahay manokatra compte internet.

- **LOHAHEVITRA FAHA 5: NY MIRALENTA SY NY TETI-BOLA MISY AO AMIN'NY KAOMININA**

**Tanjona**: - Fijerena ny fifandanjan'ny teti-bola ho an'ny lahy sy ny vavy eo amin'ny fitantanam-bolan'ny kaominina .

| Rubriques | montants | Pourcentages | | |
|---|---|---|---|---|
| | | % budget total | % budget pour F | % budget pour H |
| BIF | 2640000 | 8 | 3 | 5 |
| Droit et taxe | 1200000 | 3,6 | 0,2 | 0,4 |
| Cnaps | 100 000 | 0,3 | 0 | 0,3 |
| R maire | 600 000 | 2 | 0 | 2 |
| CR Bureu | 1380 000 | 4,2 | 2,1 | 2,1 |
| Medicaux | 720 000 | 2,2 | 1,1 | 1,1 |
| Gardien | 480 000 | 1,4 | 0 | 1,4 |
| Sce Medicaux(materiels) | 100 000 | 0,3 | 0,15 | 0,15 |
| Enseignement | 200 000 | 0,6 | 0,3 | 0,3 |
| Entretien voie | 200 000 | 0,6 | 0,3 | 0,3 |
| Reparation moto | 1 200 000 | 3,6 | 0,6 | 3 |
| Indemnité (Deplacement, session, reception, Representation, function, forfait, soin medicaux) | 10 324 000 | 31 | 2 | 29 |
| Fourniture de bureau | 12 084 980 | 36 | 18 | 18 |
| sport | 200 000 | 0,6 | 0 | 0,6 |
| Subvention FKT | 1 200 000 | 3,6 | 0 | 3,6 |
| Adduction d'eau | 500 000 | 1,5 | 0,75 | 0,75 |

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| miralenta | 600 000 | 2 | 1 | 1 |
| Total | 33 248 980 | 100 | 28,4 | 68,54 |

| | Montant | pourcentage |
|---|---|---|
| Budget total | 33 248 980 | 100 |
| V | 9 442 710 | 28,4 |
| L | 22788850 | 68,54 |

Araka io dia mbola ezaka ny fampidirana ny vehivavy ho eo amin'ny sehatra fitondrana izay efa asongadina amin'izao fotoana izao.

- **NY MIRALENTA SY NY FAMPANDROSOANA NY TOE-KARENA IFOTONY**

**Tanjona**: -Fampandraisana anjara bebe kokoa ny vehivavy eo amin'ny fampandosoana ara-toe-karena eny ifotony.

Asan'ny vaomiera voalohany: nasaina namoaka ireo anjara asan'ny vehivavy izay fanaon andavanandro izay heverina fa mitondra fampandrosoana eny ifotony.

- Ireo asa andavan'andro ataon'ny Vehivavy:
  Mahandro sakafo,mandamina trano,fikarakarana ny ankizy,mitoto vary,matsaka rano,Manasa lamba,mamboly any an-tsaha,manome sakafo ny biby fiompy,Mampinono zaza,mibango volo,fanadiovana ny tanàna.
- Ireo asa tokony hatao mitondra fampandrosoana eny ifotony:
  Fanadiovana faobe
  Fandrariana
  Manjaitra
  Fikolokoloina ny fambolena
  Fiompiana
  Fitaizana ara-panahy
  Mivarotra – mividy
- Sak**ana tsy hahatanterahana ireo asa ireo sy ny vahaolana**.

| SAKANA | VAHAOLANA |
|---|---|
| Ara-bola | Fitadiavana mpamatsy vola |
| Tsy ampy serasera/lalana ratsy | Fifanakalozan-kevitra,fanamboaran-dalana,FKL,CR,Region,ONG |
| Lalam-barotra | Fanaganana coperative |
| Aretina | Famatsiana fanafody eny antoerana |
| Toetr'andro miovaova | Fanentanana fanabeazana mba tsy hanimba ny tontolo iainana |
| Tsy fandriam-pahalemana | DAS Miaramila mpampandry tany io |
| Tsy fivondronana | Fiaraha-mientana |
| Tsy fisian'ny miralenta | Fampandraisana andraikitra ny vehivavy, fivavahana, fanentanana, fandresen-dahatra. |
| herisetra | Fanabeazana,fanetrehan-tena |
| Tsy manana finiavana | Fanentanana |
| Tsy fitrandrahana zava-baovao Masomboly,Fiompiana | Manaraka fambolena sy fiompiana nohatsaraina sy manaraka toe-trandro. |
| Tsy fahaiza-mitantana(vola,fotoana,vokatra) | Fiofanana ,fifampizarana |
| Fanavakavahana | Fifampidinihana,fampandraisana anjara |

Asan'ny vaomiera fahatelo: Ny azon'ny kaominina atao amin'ny fampitomboina ny fandraisana anjaran'ny vehivavy eny ifotony hatramin'ny 2015,ka miompana amin'ny fifanarahan'ny SADEC amin'ny miralenta no anatanterahana izany.

1) Fahafahana mandray anjara mitovy:
   Atao izay hisian'ny fitoviana eo amin'ny fandraisana anjaran'ny vehivavy sy ny lehilahy amin'ny famolavolana sy ny fampihara fanapahan-kevitra sy paika ehibe ny fandraisana ara-toekarena.
   Azon'ny kaominina atao:
2) Sehatry ny varotra:
   Hamolavola paika sy hamoaka lalana mba hisian'ny fitoviana eo amin'ny fahazoan'ny vehivavy sy lehilahy tombotsoa eo amin'ny sehatry ny asam-barotra sy ny asa fandraharahana.
   Azon'ny kaominina atao:
3) Paika eo amin'ny lafin'ny Varotra sy fandraharahana:
   Hamerina hijery ireny maba hahatonga azy ireny hanome lanja ny miralenta.
   Azon'ny
   Azon'ny kaominina atao:

4) Fanarenana ny vokatry ny fanavakavahana :
   Handray izay fepetra rehetra ilaina ahafahana mahazo antoka ny fahazoan'ny vehivavy sy lehilahy tombotsoa mitovy eo amin'ny lafiny fiharian-karena.
   Azon'ny kaominina atao:
5) Lalàna sy paika:
   Miverina mandinika ireo lalana sy paika hahafahana mijery raha afaka mampiasa sy manara-maso ny loharanom-pamokarana ary mahazo tombotsoa avy amin'izany ny vehivavy.Ka mikasika ireto lafinjavatra manaraka ireto indrindra:
   Ny zo hampiasa rano sy zo hanana fanehoankevitra
   Ny fananan-tany
   Tsy fitanilan'ny fahazoana findramam-bola, mapiasana renivola, mahazo fiahiana, manao antoka, mahazo fiofanana.

- **MIRALENTA SY NY FIOVAOVAN'NY TOETR'ANDRO ARY NY FAMPANDROSOANA MAHARITRA.**

Rehefa avy novelabelarin'ny mpampiofana ny lohahevitra dia niroso tamin'ny fampiharana sy famoahana izay azon'ny mpiofana tamin'izany lohahevitra izany.
Nanazava ireo mpiofana:

1. Inona ny atao hoe: fiovaovan'ny toetr'andro

Ny fiovaovan'ny toetr'andro dia tsy mifanaraka amin'ny vanim-potoana mahazatra intsony ny toetr'andro.mivadibadika ny fizaran-taona efatra .

2. Inona no atao hoe fampandrosoana maharitra:
   Paik'ady ho entina hanatsarana ny farim-piainan'ny tsirairay manomboka izao ka hatramin'ny taranaka faramandimby.
3. Fifandraisan'ny fiovan'ny toetr'andro sy ny fampandrosoana maharitra.
   Ady atao manomboka izao sy ho an'ny taranaka faramandimby.

| | |
|---|---|
| Tranga fiovan'ny toe-trandro | Mahatonga ny fiovana. |

| | |
|---|---|
| Mihena ny rotsak'orana mandritra ny vanimpotoana fahavaratra | Potika ny ala,zava-maniry,doro tanety,setroka ateraky ny orin'asa,fampiasana angovo |
| Mikatra ny hafanana | Potika ny couche d'ozone,Dorotanety,setroka |
| Tsy hita intsony ny famantarana ny taona, fizaran-taona ohatra: le fito,be miorika,lava elatra,orana ateloana….. | |

- **NY VEHIVAVY SY NY MIRALENTA AMIN'NY FANDRAVONANA NY ADY SY NY DISADISA ANTOKY NY FAMPANDROSOANA.**

Ny endrika nisehoany:
Niainga tamin'ny "scenette" izay tsy nampoizin'ny maro tamin'ny alalan'ny olana misy eo amin'ny fokontany Maherirano dia ny rano fisotro madio tsy tomombana.
Ady hevitra navaivay narahana olana, teo amin'ny maire sy ny mpahazo tombotsoa .ny mpampiofana no nipetraka teo amin'ny toeran'ny mpanelanelana.efa tena nisy nisafoaka vao niravina ny disadisa. Avy eo niditra tamin'ny asam-baomiera izay nifandray tanteraka tamin'ny scenette teo.

Misy ary azo ekena ny fepetra mikasika ny fitondrana sy ny fandravonana momba ny disadisa amin'ny fifanarahan'ny SADC mikasika ny miralenta and: 28

Inona no atao hoe ady?
Fifandirana olona roa na mihoatra,tsy fitovian-kevitra.

| ANTONY | KARAZAN'ADY |
|---|---|
| Fialonana,kakay,tsy fifankatiavana,fanenjehana,mifampifosa, fifamaliana,fanambaniana,fandragitana tsy fifandeferana,fandrabirabiana,resaka anjorom-bala | Ady lova,ady rano,ady sipa,ady mivady,adym_poko,finoana,ady hevitra,ady politika,fifandraisana amin'ny samy mpitondra,ady seza,mpitondra sy entina,vondron'olona sy fikambanana. |

Toerana isehoany:
- Eny an-tsena, eny anivon'ny samy rafim-panjakana,eny am_pivoriana,eny ampisotroana,eny an-tsaha,eo amin'ny mpianakavy,
-

Inona no nahatonga ny ady hiha lefy?

Fifandeferana, fifampidinihana, raharaham-pihavanana, fandraisan'ny mpitondra andraikitra, fisian'ny mpanelanelana, fitadiavana marimaritra iraisana.
INONA NY MAHAZAVA-DEHIBE NY FANDRAVONANA NY ADY?
Antoky ny fampandrosoana ny toek-arena ifotony, Ahafahana mivondrona, filaminan'ny mpiray monina.***Nomarihina fa ny vokatra azo avy amin'ny fandaminana ny disadisa dia tsy maintsy atao an-tsoratra hatrany.***

- **FANOMEZAN-DAJA NY ASA HIKARAKARANA NY MARARY EO AMIN'NY FITONDRANA IFOTONY.**

Ny SIDA: Fitambaran'ny soritr'aretina azo amin'ny fahasim-ban'ny hery fiarovana amin'ny amin'ny tenan'olombelona ary mety mifindra noho ny fisian'ny VIH ao amin'ny tenan'ilay olona ka mahatonga azy ho marefo.

NY IFANDRAISAN'NY FEPETRA SADEC SY NY KAOMININA:

Fanambarana mivantana ataon'ny Marary
Ankohonana
Tobim-pahasalamana
Kaominina
Fanampiana avy amin'ny fianakaviana, fiaraha-monina, fanohanan'ny mpitondra fanjakana ara-bola, ara-tsaina (fampianarana)
Fametrahana azy amin'ny toerana voatokana ahafahana manara-maso sy mikarakara azy.
Tsy manilikilika ny marary eo amin'ny fiaraha-monina.

**VOKATRA AZO**

- Fatantr'ireo mpiofana sy voafehin'ny tsara ny maha "Centre d'exellence » ny Kaominina misy azy ireo.
  - Mahatsapa ireo vehivahy mpiofana fa manana adidy eo amin'ny fampandrosoana ara-toekarena.
  - Tonga saina amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny vokadratsy aterak'izany ireo mpiofana ary manana ny paik'ady entina hanarenana izany araka izay azo atao ka mifanaraka amin'ny fiovaovan'izany toetrandro izany ..
- Rehefa feno ny fahalalana rehetra dia naneho ny fahavononana hiroso amin'ny dingana manaraka dia ny fanehoana ireo "Bonne pratique" nisy eo amin'ny fiaraha-monina ka haneho izany amin'ny alalan'ny fifaninana.
- Vonona ireo mpiofana rehefa resy lahatra fa hanohy tsy tapaka ny fanentanana indrindra ireo vehivavy hirotsaka amin'ny sehatra ara-pitondrana na politika, hiady ihany koa amin'ny herisetra mahazo azy ireo hahatanteraka ny miralenta.
- Hampitomboina hatrany ireo mpikambana ao amin'ny fikambanana efa najoro izay manana adidy amin'ny ady amin'ny herisetra mahazo ny vehivavy sy ny ankizy .

**DINGANA MANARAKA**

Fanagonana ireo « bonne pratique » izay heverina fa ho vokatra mavesa-danja eo amin'ny kaominina hatramin'izay niofanana momba ny miralenta izay.
Hanasongadina izany amin'ny « Sommet nasionaly sy rezionaly »

***Annex A:* ATRIKASA HO**
**FANOVANA NY FIAINAM-BAHOAKA HO AN'ILAY KAOMININA, KA NY VEHIVAVY NO HAMOKATRA KOKOA AMIN'NY MAHA "CENTRE D'EXELENCE » ILAY KAOMININA**
**Biraon'ny Kaominina Ambohimirary**
**MADAGASIKARA**
**NY**
**01-02-03-04 FEBROARY 2012**

**<u>FANDAHARAMPOTOANA</u>**

| Ora | Fandaharana | Iza(Tompon'andraikitra) |
|---|---|---|

| | | |
|---|---|---|
| **Andro voalohany** | | |
| 9H | Fandraisana | Ny CR Ambohimirary |
| 9h 05-9H 10 | Fanokafana amin'ny fomba ofisialy | Ben'ny tanana |
| 9h10- 10h 30 | Fanazavana ny fifaninana an-tampony(Sommet) | Victor /Rivo |
| 10h 30 - 12h30 | Fifandraisana (Internet, Radio, Sns….) | Victor /Rivo |
| 12h30-14h | Sakafo | |
| 16h-16h15 | Teti-bolan'ny CR | |
| **Andro faharoa** | | |
| 8h-10h | Miralenta sy ny fampandrosoana ara-toe-karena | Ny rehetra |
| 10h15 -12h 15 | Ny vehivavy sy ny fiovaovan'ny toetr'andro | Ny rehetra |
| 12h15 – 12h 30 | Fitantanana ny disadisa | Ny rehetra |
| 12h30-14h | Sakafo | |
| 14h-17h | VIH-SIDA | Ny rehetra |
| **Andro fahatelo** | | |
| 8h<br>12h30 | Réactualisation plan d'action et lancement officiel | Ny rehetra<br>Ny filohan'ny vaomiera |
| 12h30-14h | Sakafo | |
| 14h-16h | Fanangonana ny bonne pratique par catégorie | Ny filohan'ny vaomiera |
| **Andro fahaefatra** | | |
| 8H | Famintinana ny asa teo aloha | Ny rehetra |
| | Fitohizan'ny fianarana manokatra kaonty E.mail, famenoana ny fiche d'evaluation | théorique |
| 13h | **FAMARANANA NY FIOFANANA** | |

**Annex B:**

**Fandaharana:**
**Firenena: MADAGASCAR**
**Toerana: Ambohimirary**
**Daty: 01 au 04 Fevrier 2012**
**FICHE DE PRESENCE**

| N° | Anarana & Fanampiny | SEXE | Toerana hiandreketana | Andraikitra | TEL | E mail |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | **RASOLOFOHERISON Honoré** | M | CR Ambohimirary | Maire de la commune | O328386537 | Rasolofoherisona@yahoo.fr |
| 2 | **RATODISON Dieu Donné** | M | Ambohimirary | Mpamboly | | |
| 3 | **LOLONA MACRIM** | f | Ambohimiranry | Filohan'ny fikambanana Miralenta | | |
| 4 | **RAHELINJATOVO** | F | Maherirano | Filohan'ny fikambanam-behivavy | | |
| 5 | **RAVOALIARISOA** | F | Antanetibe | Mpamboly | | |

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | **RALALAOARISOA Marie Emilienne** | f | Ambohimirary | Mpamboly | | |
| 7 | **VERO HARIMANITRA Françoise** | M | Antanetibe | Mpamboly | | |
| 8 | **RAZAFIMANANTSOA Mamy Niaina** | M | Ambohimirary | DIRCEG | 0328179783 | Razafimanantsoama miniaina@yahoo.fr |
| 9 | **RAFENOHERISOA Anne Lucil** | f | Amboniakondro Est | Mpamboly | | |
| 10 | **RAVAOARISOA Françoise** | F | Ambohimirary | Mpamboly | | |
| 11 | **RAZAFINDRAVELO Bernadette** | f | Ambohimirary | Mpamboly | | |
| 12 | **RASOARINIVO Josephine** | f | Ambohimirary | komity | | |
| 13 | **RAKOTOARIMANANA** | M | Beapombo | Chef de fokontany | | |
| 14 | **RAZAFINDRABAO Marie** | f | Manakana | Mpamboly | | |
| 15 | **RANDRIANJAKA Hery** | M | Maherirano | Mpamboly | | |
| 16 | **RAMIANDRISOA Christophe** | m | Ambohimirary | Mpamboly | | |
| 17 | **RAZAFINDRABAO Mara** | F | Manakana | komity | | |
| 18 | **LALAOARISOA Elisette** | F | Ambodifahitra | Mpamboly | | |
| 19 | **RAHERIVOLOLONA Simonette** | f | Maherirano | KATEKISTE | | |
| | **RAKOTOMANOELINA bRILLANT** | M | Ambohimirary | Assistant de service | | |

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 2O | | | | | | |
| 21 | **RALISINIAINA Jeanne Elisabeth** | F | Ambohimirary | Mpampianatra | | |
| 22 | **RAHELIMANGA** | F | Manakana | Komity | | |
| 23 | **FRANCOISE Jeanine** | F | Beapombo | Mpamboly | | |
| 24 | **RANDRIANARISOA Albert** | m | Ambohimirary | Chef FKT | | |
| 25 | **RAMIANDRISOA Christophe** | M | Ambohimirary | Mpamboly | 032021 59017 | |
| 26 | **ROBINSON Fenomampionona** | M | Manakana | Sefo FKT | 032 83 316 04 | |
| 27 | **RAZAFINDRAMANGA Clairette** | F | Beapombo | mpamboly | | |
| 28 | **RAZAFINDRANOSY MONIQUE** | F | Ambohimirary | Komity | | |
| 29 | **RAKOTONANTENAINA Jean Felix** | M | Antanetibe | Mpamboly | | |
| 30 | **RABEFARITRA Clairmone** | F | Ambohimirary | Komity | | |
| 31 | **RAFARALAHIMANANA Joseph** | M | Ambodifahitra | Komity | | |
| 32 | **RAZAFIDRAZOKINY** | M | ampahibato | Komity | | |
| 33 | **RAMINOARISOA Adeline** | F | Maherirano | Mpamboly | | |
| 34 | **RAVOALIARISOA Dolline** | F | Antanetibe | Komity | | |

**Annexe D:**

**DRAFITRASA HAMPIHARINA ENY AMIN'NY KAOMININA IFOTONY MOMBA NY MIRALENTA SY NY HERISETRA ATAO AMIN'NY VEHIVAVY**

*Ny sehatra izay tokony ho fenoina :*

- ***Iza*** *– sampan-draharaha iza /inona no tompon'andraikitry ny asa na hetsika?*
- ***Inona ny tahirin-kevitra na zava misy ho fototra iaingana*** *– inona no iaingana,valio ireo fanontaniana?*
- ***Inona ny tanjona /ny tondro zotra milaza ny vokatra****– inona ny tanjona farany kendren' ny kaominina ary ahoana ny tondro hahafahana mandrefy fa tratra izany tanjona izany,valio ireo fanontaniana?*
- ***Rahoviana*** *– Ahoana ny fe-potoana hanatanterahana izany?*
- ***Teti bola*** *– Hoatrinona ny tetibola ilaina hanatanterahana izany hetsika na asa izany?*

| Tanjona fototra | Asa atato | Tompon'andraikitra | Fototra iangana | Tundra milaza ny vokatra | Fe-potoana | Teti-bola |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Azo antoka fa ny CR dia mahafantatra ny vaovao rehetra mikasika ny miralenta | Fanentanana fampielezam-baovao amin'ny alalan'ny boky peta-drindrina eny amin'ny CR,FKT | Mpiofana Gender Links SAHA Fanjakana(CR,FKT) | tsy mbola misy fandraisana andraikitra | 50%ny mponina dia tokony haha ray ny vaovao mahakasika ny miralenta | Mitohy mandavan-taona ny asa | |
| Azo antoka fa misy ny miralenta eo amin'ny CR ary ampianarina sy ampiarina | Indrindra fa ireo vani-potoana manandaja Manao fanentanana fananganana vaomera mametraka paik'ady eo anivon'ny CR budget | Mpiofana | CR 0% Ny Vehivavy 20% ny tonga mivory mbola tsy misy vaomiera | 50% n'ny Tompon' andraikitra eo @rafitra fokotany na fitondrana dia vehivavy | aorian'ny fifidianana ho vy a novambra | |
| **FITANTANANA** | | | | | | |

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Azo antoka fa hitombo ny vehivavy ho mpanolotsaina ao amin'ny CR alohan'ny 2015 | Mirotsaka ho candidate manentana olona hanoana azy ireo | Vehivavy vonona sy mpanohana miara-mientana | ny vehivavy mpanolotsaina ao amin'ny CR | 50% ny vehivavy mpanolotsaina | Iray volana alohan'ny fifidianana ho avy | |
| **FANDRAISANA ANJARA** | | | | | | |
| Azo antoka fa resy lahatra ny lehilahy ao amin'ny CR raha voaofana amin'ny miralenta | Manao fanofanana masahana ny miralenta manentana ireo lehilahy hahay miara- miasa @ vehivavy | kaomity ny miralenta | ny lehilahy daholo no tomponadraikitra min'ny afitantatanana eto amin'ny CR | Fahamaroan'ny isan'ny vehivavy eo amin'ny Fitantanana | aorian'ny fifidianana ho avy | |
| **LAMIN'ASA** | | | | | | |
| azo antoka fa izay tetikasa rehetra izay volavolain'ny kaominina dia hakana ny hevitry ny vehivavy | Manangana vaomiera misahana ny tetikasa | Mpitondra isan-tsoka jiny: Chef FKT Maire,conseiller | vitsy ny vehivavy mandray anjara amin'ny fandrafetana etikasa | Fanamaroana isa ny vehivavy amin'ny famola volana tetikasa | Miantomboka 2012 | |
| **TOE-KARENA SY FAMORONANA ASA** | | | | | | |
| Azo antoka fa hitovy ny salan'isa ny vavy sy lahy mahazo asa | Manaraka fiofanana arak'asa Mampahafantatra ny vehivavy amin'ny fihari- karena(asa tanana, fambolena,fiompiana) | CR Ny samy vehivavy ONG | vitsy ny vehivavy manana anton'asa betsaka ny tsy mandray avindena | Mira ny isan'ny vavy sy lahy manana anton' asa | Miantomboka amin'ny 2012 | |
| NY MIRALENTA SY NY FAMPANDROSOANA ARA-TOEKARENA | | | | | | |
| Fampitomboana ny fiompiana , fambolena akoho , tsaramaso | Fanentanana , Miasa , Fangatahana amin'ny mpamatsy vola Fanaganana kaoperativa | Chef de fokontany Miralenta CR Ray amandreny | Tsy fahampiana ara-tsakafo izay miteraka Fahasairanana ho an'ny vehivavy | Mihena ny tsy fahampiana ara-tsakafo | Fevrier 2012 | CR |
| Fampitomboana ny fidiram-bola | Manao fanentanana , asa-tanana ,rary zaitra varotra | CE,CR,FKT,RAD | Tsy FAHAMPIAN4NY VOLA AO AN6TOKATRANO | Mihena ny fahantrana | Fevrier 2012 | |
| Fandraisan'ny | Fandresendahatra ny | CE ,CR | Tsy fitoviana eo | 50% ny Vehivavy | Aorian'ny | CR , FKT |

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| vehivavy andraikitra amin'ny sehatra fanapahan-kevitra , | vehivavy hiditra amin'ny rafitra misy | | amin'ny paikady ara toekarena V=04L=07 | mandray anjara amin'ny sehatra rehetra | fifidianana | |
| Fahasalaman'ny olona | Fampidirana rano fisotro madio | CR ,FKT,CE | Fisian'ny valan'aretina noho ny tsy fisian'ny rano fisotro madio | Mihena 80% ny aretina | Miantomboka 2012 | |
| **FAMONGORANA NY FAHANTRANA** | | | | | | |
| azo antoka fa hihena ny fahantrana miatomboka isan-tokantrano tantanim-behivavy | Mangataka tetik'asa mampidi-bola amin'ny mpitondra isan-tsokajiny Mantanteraka echange manao fanetanana sy famporisihina | mpitondra isan-tsokajiny mpamatsy vola fikambanam-behivavy izay nahazo fifanana | Habadoana mitantana tsy fahampiana asa sy fahampian'ny enti-manana izay nahazo fifanana | Fihenan'ny fahantrana arak'izay azo atao amin'ny 2015 | Miantomboka amin'ny 2012 | |
| **INFRASTRUCTURE** | | | | | | |
| **Toeram-ponenana** | | | | | | |
| Fahazoanantoka ny amin'ny isian' ny vavy sy lahy mahazo toeram- ponenana sy fananantany | CIN Faobe manentana ny olona amin'ny fisoratam-pana mbadiana Manentana azy hanoratra izay anjara- mpananany | CR, FKT, BIF | Tsy mahazo izay anjara fananany tokony ho azy ny vehivavy Oh:Fandovana tsy misora-bady tsy fisian'ny fitaovana enti- manoratra ny tany Fatahorana miditra | miakatra hatrany amin'ny 60% ny vehivavy mahazo toera-ponenana sy fananantany | Miantomboka amin'ny 2012 | CR |
| **RANO SY FAHADIOVANA** | | | | | | |
| Fahazoana antoka fa mahazo tombony amin' izay fikarakarana | Manangana vaomiera ny fahasalamana sy fahadiovana | CR, FKT, SAHA | tsy fahampian'ny rano fisotro madio | fitomboan'ny fotodrafitr'asa misy hatrany amin' | Miantomboka amin'ny tapaky ny taona 2012 | CR |
| fototra eo amin'ny sehatra andavanandro | Manavao ny foto-drafitr'asa efa misy | | tsy fisian'ny WC lava-pako fisian'ny lobolobo | ny 30% | | |

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| (Rano,toera-pidiovana, WC) | | | | | | |
| **TONTOLO IAINANA MANARA-PENITRA SY AZO ANTOKA** | | | | | | |
| Fahazon'antoka amin'ny fampandraisana andraikitra ireo vehivavy amin'ireo teti-kasa fiarovana amin' tontolo iainana | Manangana vaomieran'ny tontolo iainana manentana sy miray hina | CR, FKT, Fikambanana samy hafa Fiangonana Vehivavy tanora | Tsy fahazarana mandray andraikitra hakamoana tsy firaisankina | Miakatra ny tahan'ny vehivavy miaro ny tontolo iainana Fienan'ny Doronta nety | Miantomboka amin'ny 2012 | CR |
| Firotsahan'ireo vehivavy amin'ny asa fandrahara hana mifototra amin'ny tontolo iainana fahazoanantoka eo amin'ny fiatrehana ny olana ara-pahasalamana ateraky ny toerana misy ny zaza amam-behivavy izay maro an'isa amin'ireo fadiranovana ary mora andairan'aretina noho ny sakafo tsy zari zary | mametraka dina sy mampiahantra izany Mampihantra ny fandaharan'asa momba ny fiahiana sy fanajariana ara-tsakafo | SEECALINE Fikambanam-behivavy, CR, FKT, Tomponandraikitry ny Fahasalamana | Tsy fahampi-tsakafo ara-pahasalamana | fienan'ny taha-pafatesan'ny zaza sy ny vehivavy | miatomboka amin'ny 2012 | |
| NY MIRALENTA SY NY FIOVAOVAN’NY TOETRANDRO | | | | | | |
| Mba hisian’ny tontolo maitso | Fambolen-kazo, Ady amin’ny doro-tanety Fiarovana amin’ny lalandriaka Fanabeazana | CE Fikambanana rehetra , FKT CR | Fahapotehan’ny tontolo iainana | 40%Ny velaran-tany eto amn’ny CR dia rakotra hazo avokoa | 2012 | CR ONG |
| **MIRALENTA SY NY VIH SIDA** | | | | | | |
| **Fisorohana** | | | | | | |

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Azo antoka fa ho voataiza ny vehivavy sy ny lehilahy mikasika ny torohevitra sy ny fanaovana fitiliana fantsitrapo ho isorohana ny fianaky ny aretina SIDA | Manentana tanora lahy sy vavy hanao fitiliana | Toim-pahasalamana, CR, fikambanan'ny Tanora | tsy misy ny sahy manao fitiliana mikasika ny VIH Sida fahasirahana amin'ny firesahana taova-pananahana eo mason'ny ifianakaviana | Fahasahian'ny olona hanao fitiliana fizahana | Miatomboka amin'ny 2012 | |
| **FIFANTENANA SY FANDRAISANA MPIASA ARY FAMPIASANA AZY IREO** | | | | | | |
| Azo antoka fa mitombo ny isan'ny vehivavy ampiasaina ao amin'ny CR | Manao ny miralenta ho lahara-pahamehana ao anatin'ny drafitr'asa ny CR,mamporisika ny vehivavy hiasa Managana sendika mba hisian'ny fifanakekezana eo amin'ny isan'ny vehivavy sy ny lahy miasa eo amin'ny CR | CR, FKT, Komitin'ny Miralenta | Tsy fisian'ny vehivavy mandray andraikitra eo amin'ny fitantana n-draharaha eny anivon'ny CR | Lahy sy vavy mitovy isa eo amin'ny fitantanan-draharaham-panjakana | miatomboka amin'ny 2012 | |
| **FANATAN-JAHATENA SY FIVOARANA EO AMIN'NY FIARAHA MONINA** | | | | | | |
| Fahazoanantoka ny fisian'ny fitoviana eo amin'ny fahafahan'ny lahy sy ny vavy mampiasa kianja ho an'ny fanatan jahatena | manangana kianja filalaovana basket-ball | CR, ONG | tsy fananan'ny CR foto-drafitr'asa ho an'ny fanatanjahantena tomponandraikitra | Vita ny kianja iaranan'ny lahy sy vavy | miatomboka amin'ny 2012 | CR |
| **RAFI-PITANTANANA NY MIRALENTA** | | | | | | |
| Rafitry ny miralenta Fahazon'antoka amin'ny fametrahana ny rafitry ny miralenta | Miainga eo amin'ny FKT: Mametraka fifanarahana hampidirana ny Vehi vavy ho tomponan | CR, FKT, CR, Komity miralenta, Mpamatsy vola, ONG | Vitsy ny vehivavy Tsy fisian'ny teti- bola ao amin'ny CR | Mampitombo ny vehivavy ho tomponandraikitra Afaka manokana Ampaha-bola ho | Miatomboka 2012 miatomboka 2012 | CR |

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Fahazoan'antoka amin'ny fanokanana teti-bola | draikitra Mandresy lahatra ny mpanolo-tsaina ny CR Manokana teti-Bola | | | amin'ny miralenta ny CR | | |
| **TETIK'ASA FILAHATRA HO FAMONGORANA NY HERISETRA ATAO AMIN'NY VEHIVAVY** | | | | | | |
| **Fanohanana sy fanampiana** | | | | | | |
| Fahazoan'antoka fa hametraka drafitr' asa ho fanohanana ireo vehivavy iharan'ny herisetra | manokatra tetik'asa | CR, Fikambam-behivavy | Fanilikilihana ireo vehivavy iharan'ny herisetra | mampihena ireo herisetra amin'ny endriny rehetra na mivantana na ankolaka | Miatomboka 2012 | CR |
| **Hetsika fanentanana** | | | | | | |
| Azo antoka fa voaentana voataiza ireo vehivavy mba tsy hiverenan'ny herisetra(ara-pomba fiteny, fitafy,fihetsika) | Mametraka tetiandro hanaovana ny fanentanana sy fitaizana | Komitin'ny miralenta, CR, FKT | tahotra sy tsy fahashiana hanambara ny herisetra mianajady amin'ny vehivavy | Fampihenana ny herisetra | amin'ny 16 days | CR |
| **IREO FANAO TSARA MAPAHOMBY INDRINDRA** | | | | | | |
| Fahazon'antoka fa ho fantatry ny vahoaka ireo fanao tsara sy mahomby amin'ny ady amin'ny herisetra | manetana amin'ny alalan'ny hetsika iarahan'ny daholobe manamafy ireo dina efa misy mampilalao ireo tanora lahy sy vavy eo amin'ny sehatra fanatanjahantena sy kolotsaina | CR, FKT, Komity Miralenta | Firongatry ny herisetra ao amin' ny FKT sy CR | Nihena 30 ka hatramin'ny 50% ny herisetra eo amin'ny CR | tapatapaky ny taona2012 | CR |

**TOVANA E .**
**FORMULATION D'EVALUATION**
**Recapitulation**

**Information Administratif**

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Sexe | lahy 14 | vavy 20 | | | | |
| Firenena | Madagasikara | | | | | |
| Kaominina | Ambohimirary | | | | | |
| Taona | 12-17 (01) | 18-30 (07) | 31-40 (11) | 41-50 (09) | 51-60 (04) | 60 + (02) |
| Fianarana | Ambaratonga voalohany 15 | Ambaratoga faharoa 16 | Oniverisite 02 | Fanofanana ara-kasa 01 | Fampianarana olon-dehibe 00 | |

**Tombana**

| | Tena tsara | Tsara | Eo ho eo | Ratsy | Tena ratsy |
|---|---|---|---|---|---|
| 1-Fizotry ny fandaharana | 09 | 23 | 02 | | |
| 2- Momba ny fandaharana | 06 | 25 | 03 | | |
| 3-Tahirin-kevitra | 03 | 24 | 07 | | |
| 4-Fampitan'ny tompon'andraikitra ny fiofanana | 03 | 25 | 06 | | |
| 5-Asa isam-baomiera | 03 | 15 | 16 | | |
| 6-Vokan-tsoa | 04 | 23 | 07 | | |
| 7-Vokan-tsoa teo amin'ny FIZOTRY NY FANDAHARANA | 08 | 20 | 06 | | |
| 8-Tombotsoa eo amin'ny fandraisana fahalalana | 12 | 15 | 07 | | |
| 9-Tombotsoa eo amin'ny fivelarana | 06 | 25 | 02 | 01 | |
| 10-Momba ny toerana, Sakafo…. | 07 | 25 | 02 | | |

**Fanamarihana**

1-Inona tamin'ny fandaharana no tena nahafinaritra anao ? Antony?

Izy rehetra dia nahafinaritra fa misongadina ny momba ny developpement économique sy ny changement climatique. Ny antony dia nahalalana zavatra tena ilaina eo amin'ny famokarana ataonay ety ifotony .

2-Inona tamin'ny fandaharana no tsy dia nahafinaritra anao?Antony?

Amin'ny ankapobeny dia nahafinaritra daholo fa ny mikasika ny SIDA no tsy nahasarika satria aretina tsy misy ety aminay .

3-Ahoana ny fomba fampiharanao ireo fahalalana noratovinao teto amin'ny fiofanana?

Amin'ny alalan'ny fanentanana isam-pokontany

Miezaka mandresy lahatra

Amin'ny alalan'ny fanabeazana amin'ny alalan'ny hira na vakodrazana na fety .

Fanamarihana hafa?

Mbola hamerenana ny fiofanana na hanohizana azy satria mahaliana daholo izay atao sady fampivoarana

Tokony hiaraka amin'ny mpampiofana rehefa manao fanentanana eny ifotony .




*Fomba iray entina hanentanana ny olona amin'ny ady amin'ny herisetra ny peta-drindrina*

